# Ilay Voa Tsara Nafafy 06 Desambra 2018

# 6 Alakamisy desambra

**Aza mihary harena ho anareo etỳ an-tany... Fa mihary harena ho anareo any an-danitra... Fa izay itoeran'ny harenanao, dia ho any koa ny fonao.**
Matio 6. 19-21

**Anaro ny mpanankarena ... mba tsy ... hatoky ny harena miovaova, fa Andriamanitra.** 1 Timoty 6. 17

## Aiza ny harenanao ?

Inona moa no sarobidy indrindra amiko ? Maro ny azoko amaliana izany fanontaniana izany :

— Ny harenako dia ireo zavatra anananako, ny volako any amin'ny banky.

— Ny harenako dia ny ankohonako, ny vady aman-janako.

— Ny harenako dia ny asako, ny orinasa natsangako sy izay rehetra mifamatotra amin'izany.

— Ny harenako dia ny zava-tsoa mampiadana ahy, ny filaminako, ny maha voaaro ahy, izay rehetra avalin'ireo namako ahy...

Miankina amin'izay valiny omeko io fanontaniana io ny fizotran'ny fiainako manontolo.

Nisy tovolahy manankarena iray nanatona an'i Jesosy : tam-pahatsorana no nanatonany Azy, naniry tokoa ny hanana fiainana mandrakizay izy, nandohalika teo anatrehan'i Jesosy, Izay nekeny ho Mpampianatra. Nanaja an-tsakany sy an-davany ny Lalàna izy, hatry ny fahakeliny. Ny Tompo, Izay tia azy, dia nanondro manokana izay mametraka olana aminy : „Diso zavatra iray loha ianao ; mandehana, amidio izay rehetra anananao ka omeo ny malahelo, dia hanana rakitra any an-danitra ianao ; ary avia hanaraka Ahy" (Marka 10. 21).

Harena any an-danitra no noresahin'i Jesosy taminy, toy ny niteny Izy hoe : tsy ho maty antoka mihitsy ianao, miaraka amiko. Maivan-danja kokoa ny zavatra asaiko afoinao (zavatra mikasika ny fiainanao eto an-tany fotsiny ihany). Fa izay atolotro anao kosa, dia ny fiainana mandrakizay. „Fiainana mandrakizay no omen'Andriamanitra antsika, ary ao amin'ny Zanany izany fiainana izany. Izay manana ny Zanaka no manana ny fiainana" (1 Jaona 5. 11-12). Jesosy, Ilay Zanak'Andriamanitra efa any an-danitra, no harenan'ny mpino.